

**Io ilay hoe *"candidat favori"*, sary bakolin-dry Ravalomanana ka asakasakareo (sary MaTv)**

Ry mpiray tanindrazana,

Ny fampielezan-kevitra izay tena mihamafana ankehitriny dia ahitana taratra fa tandindomin-doza ny firenentsika.

Tsy miova ny fomba fijerin'ireo mpanao politika fa mbola ny teo ihany no teo.

Nanaitra indrindra ny zava-niseho teny Antsonjombe ny Alahady lasa teo fa raha sanatria ka i Dr Jean Louis Robinson no ho voafidy filoham-pirenena dia i Rtoa Lalao Ravalomanana no ho voatendry ho Praiminisitra.

Na dia manalasala aza ny hahatanteraka izany fomba filazana izany satria tsy dia mifanaraka loatra amin’ny zava-boalazan'ny Lalam-panorenana dia tsapa kosa fa tsy ao am-pon'io kandidà io ny hampiray an'i Madagasikara. Ny merina ihany no ao an-tsainy.

Tsy misy maharatsy izany saingy heverina kosa fa mila fampihavanam-pirenena izao toe-draharaha misy eto Madagasikara izao.

Ny mpanakanto nanafàna ny fotoana teny Antsonjombe dia tsy misy avy any amin’ny faritany fa merina daholo.

Tandindomin-doza ny firaisam-pirenena raha miverina eo amin’ny fitondrana ny mpomba an'Atoa Marc Ravalomanana ka andao samy hanome izay herintsika mba hisakanana azy.

Na inona na inona fiavianao mandray ity hafatra ity, na inona na inona andraikitrao, tsy izany no zava-dehibe fa ny fiarovana an'i Madagasikara mba tsy hivarina any amin’ny ady an-trano.

Misy kandidà 32 hafa eo azonao hisafidianana tsara fa aoka kosa isika samy tsy hifidy an'i Dr Jean Louis Robinson sady samy hanao izay tsy handreseny.

Aparitaho amin’ireo namana maro hafa izao hafatra lehibe izao fa aza tazomina ho anao samirery. Iresaho ireo mpiara-miasa, mpiray fokontany, mpifanolo-bodirindrina,havana aman-tsakaiza fa tsy tsangan'olona no zava-dehibe fa ny hiarahantsika rehetra hiaina tsy misy raorao sady lavitry ny korontana.

Afaka ny hanohy milamina ny fiharian-karena isika raha milamina i Madagasikara ka aoka tsy ho voarebirebin'ireo mpanavakavaka ny Malagasy ho merina sy *“côtiers”,* andriana sy andevo, protestanta sy ny hafa finoana, sns.

Miankina amintsika rehetra ny hoavin'i Madagasikara.

Masina ny tanindrazana !

**MIANDRIARIVONY Fanasina**

Antananarivo

MADAGASIKARA

*************************

HAFATRA FARANY

Hifidy isika ny zoma 25 Oktobra 2013. Hifidy ihany ve ka haka ny njola ?

Izay hahasoa ny fiainantsika no aoka hatao fa tsy hifidy tsangan'olona ka hiteraka fahasahiranana vaovao indray.

Malagasy daholo isika hifidy ary malagasy daholo koa ireo kandidà hisafidianantsika.

Tsarovy anefa izay efa nihatra tamintsika tany aloha : navahana ho côtiers sy merina ny malagasy, navahana ho merina fotsy sady malama volo sy merina mainty sady ngita volo, navahana ho merina andriana sy merina andevo, navahana ho protestanta sy ho finoana hafa,...sns.

Miverina ao an-tsain'ny rehetra fa ny fitondran'Andriamatoa RAVALOMANANA Marc no nahavita izany fanavahana izany ankoatr'ireo halatra samihafa nataony sy ny fampifangaroany ny fananany sy ny fananam-pirenena.

Dia sanatria ve ho hadinointsika ireo zava-dratsy niseho ireo ka handehanantsika mbola hifidy an'i Dr ROBINSON Jean Louis ? SANATRIA anie izany.

Izahay tsy hitarika anao hoe mifidiana an'itsy kandidà itsy na izaroa; ny hany hafatray dia ny hoe : mbola ho betsaka ny olana hatrehin'i Madagasikara ka hitadiavany ny zanany rehetra fa tsy ny ampahany fotsiny.Tsy mety arak'izany ny fanavahana sy ny fampisaraham-bazana ny malagasy.

Araka izany dia andao samy tsy hifidy ny mpanavakavaka, dia ny mpomba ny filoha teo aloha RAVALOMANANA Marc. Na izany ho an'i Dr ROBINSON Jean Louis na izany hoan'ireo kandidà hirotsaka solom-bavam-bahoaka.

Misaotra antsika rehetra hitsako sy hisaintsaina izao hafatra izao ary aparitaho ny hafatra fa aza tazomina ho anao irery.

MIANDRIARIVONY Fanasina

***********************************



Io ilay Raveloson Constant mpanao fitaovana ny olona ao amin'ny Magro

**Farany : hoy Ingahy Raveloson Constant tao amin'ny Magro, ny 23 Oktobra 2013 :**

***" Tongava ary mifidy rahampitso fa miankina aminao ny hiverenan'ny filoha Ravalomanana".*** Ay kosa ? Mazava izany fa ticket fiverenana ho an'i Dada fotsiny ihany ilay N° 33. Mampalahelo e !

******************************************

Inty sy nday: **Sitra-po !**
Lundi, 28 Octobre 2013 06:16

Vita ihany iny ny fihodinana voalohany tamin'ny fifidianana izay ho filoham-pirenena eto amintsika. Ny

Ny Ceni-T sy ireo mpiasan'ny fokontany moa no tena lasibatry ny tsikera tamin'izany, kanefa raha ny t

Nisy ny nilaza fa tsy nanam-potoana, hono, fa sahiran'ny fitadiavana, kanefa tao anatin'izay fotoana la

Ny tsy nolazaina dia ny *"tsy tafiditra"* [illegible]

Ankoatra izany anefa dia *"vava ratsy"* maro koa [illegible]

Mora ny manome tsiny, *"sahaka izay..."* [illegible]

Mampalahelo ny vitsivitsy [illegible] Ho a

**Lalou (La Gazette de la Grande île, 28 Oktobra 2013)**